

Fahasitranana amin'ny alalan'ny Famelan-keloka

Nofaizina i Jesosy mba ho voavela ny helotsika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

" Sambatra ny olona izay tsy isain'i Jehovah heloka, ary tsy misy fitaka ny fanahiny." (Salamo 32:2)

Raha te hahazo famelan-keloka, dia tsy maintsy manao ny marina tanteraka amin’Andriamanitra isika — tsy manafina na manala tsiny ny fahotantsika na mitana na inona na inona. Niresaka momba ny nahitana azy ho meloka ny amin’ny fijangajangana sy ny namonoany olona momba an’i Batseba i Davida, ka nanohy ny salamony hoe:

"Raha nangina aho, dia nihalany ny taolako rehetra, noho ny fitarainako mandrakariva, fa efa navesatra tamiko andro aman'alina ny tananao; niova ny fahatanjahako toy ny azon'ny fahamainana amin'ny lohataona. Ny fahotako nambarako taminao, ary ny heloko tsy mba nafeniko. Hoy izaho: hiaiky ny fahadisoako amin'i Jehovah aho; – ary Hianao dia namela ny heloky ny fahotako” (andininy 3–5)

Sahala amin'ny olona maro, Davida dia tsy nety niaiky ny fahotany ary niezaka ny hanao izany ho toy ny tsy nitranga, ary nanafina izany. Fa nandritra izany fotoana rehetra izany dia toy ny olona voan'ny tazo may izy. “Nihena ny Heriny” ary “nihanalemy ny taolany”. Ny fahotana tsy voavela dia mety hiteraka vokatra ara-batana.

Mpitsabo aretin-tsaina iray no nitantara ity tantara ity tamiko. Rehefa nitsidika hopitaly izy, dia nifanena tamina vehivavy iray izay tsy nanana fanantenana intsony. Tsy niasa intsony ny voany, niova loko ny hodiny, ary tsy nahatsiaro tena izy, niandry ny ho faty. Indray andro, dia notarihin’ny Fanahy Masina izy mba hilaza hoe: “Amin’ny anaran’i Jesosy Kristy Tompo, dia mamela ny helokao aho,”

© 2008 - Dries Du Plessis

ary avy eo nanontany tena raha nanao hadalana izy. Herinandro teo ho eo tatỳ aoriana, dia gaga izy nahita ilay vehivavy nandeha teny an-dalana — sitrana tanteraka. Ny fahotana tsy voavela no nahatonga ny toe-batany. Rehefa voavela ny helony tamin’ny alalan’ny fanelanelanana nataon’io lehilahy io, dia nazava tamin’Andriamanitra ny fanahiny ary nisokatra ny lalana ho azy mba ho sitrana.

Misaotra Anao, Jesosy ô, maty teo amin'ny hazo fijaliana ho ahy. Mangataka ny fanasitranana ara-batana azo avy amin'ny famelan-keloka aho, ary manambara aho fa nofaizina i Jesosy mba hahazoako famelan-keloka, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-095-MLG
Nohavaozina farany: 09 Oct 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

